
# TORITENY - FIAKARAN'NY TOMPO TAONA A 2023



## *Nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.*

Ry Kristianina havana, faly sy ravo isika mianakavy amin'izao andro ankalazantsika ny fiakaran'ny Tompo izao satria nisy havantsika tafita, nisy iray lio amintsika tafita. Rehefa misy havantsika tafita tokoa na eo amin'ny fanadinana na eo amin'ny fiainana dia mifampiarahaba ny mpianakavy . Ka androany olo araiky amintsika, iray lio amintsika, iray rà amintsika no tafita ka mifampiarahaba isika satria tafita i Jesoa lohan'ny Eglizy ary isika no vatany, Eglizy fianakaviamben'Andriamanitra, Olo Araiky isika Jiaby. Niakatra any an-danitra i Jesoa, any izany no hitoerantsika rehetra. Efapolo andro izao no nihiboka ny Apostoly.

***Vakiteny I :*** *Asa 1, 1-11*
***Salamo :*** *Sal. 46, 2-3. 6-7. 8-9*
***Vakiteny II :*** *Efez. 1, 17-23*
***Evanjely :*** *Mt.28, 16-20*

Marina tokoa isika koa nanao expérience ny fihibohana tamin'ny fotoanan'ny Korontanavirus. Sahirana isika tamin'izany. Tsy afenina tsy misy intsony ny fihibohana fa ny krizy eo ary indraidray toa mafimafy. Ary tsy afenina fa maro aza ny very hevitra satria toa mihasarotra hatrany ny fiainana.

Nampianaran'i Jesoa tamin'ireo Apostoly fa mpiara-belona amintsika izy. Tanteraka ara-bakiteny ny voalazany tamin'izy ireo. Tsara ny mampahatsiahy fa efa taona maro taty aoriana no nanoratana ny Evanjely sy ireo Boky ao amin'ny Testamenta Vaovao. Matoky isika fa nahatsiaro ireo Tenin'I Jesoa ireo Mpianatra fa indrindra tamin'ny vanim-potoanan'ny fihibohana. Nahatsiaro tokoa izy ireo fa niaraka namakivaky ny hafalian'ny Paka tamin'izy

ireo I Jesoa. Izany “experience” izany no hiainantsika hatramin’izao ka na dia eo aza ny aza ireo zava-manahirana dia mivelona ny hafaliana Paka isika.
Raha tadidintsika tsara tamin'ny vanim-potoan'ny karemy, rehefa tonga ny Alahadin'ny sampankazo dia nolazaintsika fa miaraka miakatra amin'i Jesoa isika ho an'ny Jerosalema ilay tanànan'ny fiadanana sy masina ka raha miara-miakatra amin'i Jesoa isika dia miara-maty Aminy amin'ny fahotana ka miara- mitsangana Aminy. Hoy isika tamin’izay anisan’ny fiombonana amin’i Jesoa manarina ny fiainantsika ny fanaovantsika manao ny Marina. Aoka hanao ny marina isika raha te hampandroso ny firenena. Ny fototry ny krizy mikiky antsika dia satria manjaka loatra ny risoriso sy ny lainga ary ny fitiavan-tena. Rehefa hanomboka ny herinandro masina isika dia nirahina hifanasoa, hifampitsimbina, hanompo satria ny aretina manimba ny fiaraha-monina dia samy mandeha samy mitady, tsy misy ny fanjana ny fanana iombonana, tsy misy intsony ny fikatsahana ny soa iombonana. Fiombona amin’ny fijalian’i Jesoa ny fiombona amin’ireo mijaly amin’ny fanompoana azy ireo.
Tonga ny Paka. Niara-nitsangana amin’i Jesoa isika ankehitriny ka lasa olom-baovao..
Nampianatra antsika i Jesoa tahaka ny nampianarany an’ireo mpianatra nandritra ny efapolo andro taorian’ny nitsanganan-ko velona izay nankalazantsika tamin’ny Alahady voalohany amin’ny Paka dia Izy Kristy nandresy ny ratsy hanatsara ny fiainantsika raha manaiky ny hiara-dàlana Aminy isika satria mpiara-belona amintsika tokoa izy.
Ny alahady faharoan’ ny Paka, Alahadin'ny famindram-po, nampibaribariana ny maha mpiara-belona azy. Niaraka amin’ireo mpianatra ary indrindra i Tomà isika nibanjina ny fo masin’i Jesoa, mampibaribary ny Famindram-pon’Andriamanitra. Izy tokoa no endriky ny Famindram-po.
Ny Alahady fahatelon’ny Paka kosa dia nankalazantsika an'i Jesoa Làlana sy Fahamarinana : Niseho sy niara-dàlana tamin'ireo mpianatra roa lahy avy any Jerosalema nankany Emaosy i Jesoa.
Ny Alahady fahaefatry ny Paka, milaza amintsika i Jesoa fa Izy no mpiandry ondry tsara izay manao soa ho antsika, manolotra ny ainy, manasa ny tongontsika ka nanaiky ho mpanompo.
Ny Alahady fahadimin’ny Paka, mampianatra antsika i Jesoa hoe : "Minoa an'Andriamanitra". Izy no làlana ka tsy tokony ho very isika raha miaraka Aminy satria Izy rahateo no fahazavana manilo ny fiainantsika.
Ny Alahady fahaenina amin’ny Paka kosa i Jesoa dia nanambara fa tsy ho kamboty isika fa hangataka amin'ny Ray Izy hanome antsika ny Fanahy mpankahery, ny Fanahy mpanafaka alahelo, ny Fanahy mpanamasina, amin'izay afaka hivelona ny fitondran-tena maha zanak'Andriamanitra isika ka ho tena kristianina tokoa.
Hitantsika àry fa sady nampianatra antsika tokoa i Kristy nandritra ireo efapolo andro taorian'ny fankalazana ny fitsanganan-ko velona ireo izay mbola tohizana amin'izao fankalazana ny "ascension" izao no miara-belona amintsika Izy. Sambatra isika mahalala an’izany.
Azontsika tsara ny antony anaovantsika ny Sinaody. Mitovy ny 40 andro mialoha ny Pantekoty ny SInaody. Fotoana hanadiovan’ny Fanahy Masina antsika rehetra mba hametraka fototra tsara izany hoe hahatonga antsika ho EOV EGLIZY OLO VELOMIN’NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA

Androany miara-mankalaza ny niakaran'i Jesoa any an-danitra isika. Ity fankalazana ity dia azo antsoina hoe fitsanganan-ko velona ihany koa, izany hoe endrika isehoan'ny hafenoan'ny Paka, tena mbola anatin'ny vanim-potoana ny Paka rahateo isika.
Ny vakiteny amin'izao fankalazantsika ny Fiakarana izao dia mampibaribary fa mpiara-belona amintsika tokoa i Jesoa. Miara-dalana amintsika. Manomboka amin'izao dia eo anivontsika tokoa Izy ary ivom-piainantsika. Izany no antony nampanantenainy an'ireo mpianany raha nilaza hoe : "rehefa lasa aho ka hidinan'ny Fanahy masina ianareo dia ho vavolombeloko hatrany am-paravazantany".
I Jesoa mpiara-belona, mpiara-dalana dia tsy iza fa isika feno ny Fanahy masina ka irahin'I Jesoa ho eo anivon'izao tontolo izao. Isika tokoa no EOV MISIONERA mizara ny famindram-po amin'izao. Isika EOV no antsoin'ny olona kristianina satria Kristy velona amin'izao andro iainantsika izao ary izany no nohalalinintsika nandritra ny vaninandro mandavan-taona. Io indrindra no dinihintsika mandritra izao Sinaody izao hahatonga antsika ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Rehefa ao amintsika tokoa ny Fanahy Masina noho ny batemy noraisintsika sy hamafisina amin'ny Konfirmasio ary havaozintsika isaky ny Sabotsy Masina amin'ny fanavaozana ny toky tamin'ny batemy ataontsika dia zary Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika isika. Tsy miandry hoe aiza i Jesoa, aiza no hahitantsika an'i Jesoa ? Eo anivontsika Izy ka afaka mandresy zavatra maro isan-karazany isika fa indrindra ny ratsy raha miombona tanteraka amin'i Kristy, tahaka ny voalazany hoe " Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany". Matoky àry isika fa ho resin'I Jesoa, ho resin'ny Famindram-pon'Andriamanitra izao Krizy mafy etrehentsika izao ka hahita fiadanantsika.. Raha ao Aminy tokoa isika dia mijoro fa tsy hirefarefa amin'ny tany intsony, tsy fiainana revo ao anatin'ny fahotana intsony no lalovantsika. Marina fa olombelona mandia tany isika ka mety solafaka, mililoha lanitra ka mety lena nefa olombelona nohavaozin'ny Fanahy masina ka ny fiainana maha zanak'Andriamanitra no tanterahintsika. Raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra manao asantsika. Manao ny asan'Andriamanitra isika raha manao ny marina, mampanjaka ny rariny sy hitsiny, mifanasoa, mifampitsimbina, mikatsaka ny soa iombonana. Fantaro araky ny haverintsika matetika matoa mikoroso fahana ny fiainantsika dia satria tsy manao ny asan'Andriamanitra. Io no volazan'ny hafatry ny Eveka sy Voamieran'ny Justice et Paix farany teo
Maniraka antsika i Jesoa Kristy androany amin'izao fankalazantsika ny Fiakarana izao satria feno ny Fanahiny isika. Kristianina isika ka milaza amintsika Izy hoe : " koa mandehana ianareo, mampianara ny firenena rehetra, manaova Batemy azy amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina; ampianaro izy hitandrina ny zavatra rehetra nandidiako anareo. Ary indro Aho eo aminareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny faran'izao tontolo izao". Hanavao ny fiainantsika isika ary hanavao ny fiainan' ireo manodidina antsika raha mahita ny fiainantsika Kristianina izy ireo, izany no antenaintsika vokatry ny Sinaody ataontsika. Hahatonga antsika ho Misionera ho Tabernakla Velona
Dingana vaovao, « départ vaovao », izany no ataontsika miatrika izao Sinaody izao ho EOV EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DIA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA IRAHINA HANORINA INDRAY NY TRANOBE IOMBONANA EFA ROBAKA Izany no maha-Fianakaviamben'Andriamanitra antsika, Fratelli Tutti, OloAraiky isika jiaby. Kristy mpiara-belona amin'ny olona antsika. IRAHINA ISIKA EOV MISIONERA EO ANIVON'NY FIARAHA-MONINA SY IZAO TONTOLO IZAO. Marina fa tsy anisan'izao tontolo izao isika fa eo anivon'izao MBA HO FAHAZAVANA SY HO FANASINA.

Maniraka antsika i Jesoa "MANDEHANA ATAOVY TONGA MPIANATRO NY OLON-DREHETRA", tsy « mpampandrin-tany », tsy amin'ny alalan'ny herisetra na risoriso, na fitapitaka izany na amin’ny hery famoretana fa amin’ny alalan’ny famindram-po. Izany no maha “TABERNAKLA VELONA” antsika hizara famindram-po. Tandremo anefa fa misy “Jesoa piraty” ka aoka tsy ho voafitak’ireny isika. Io ilay voalazan’i Jesoa hoe “mpaminany sandoka”. Amin'ny alalan'ny fiainana Kristianina, amin'ny alalan'ny fahaizantsika mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro no hitondrantsika ny famindram-po ka zary fahazavana sy fanasina isika. Raha tanterantsika tokoa izany dia ho zanak’Andriamanitra tonga amin’ireo manodidina antsika isika ka handray an'i Kristy izy ireo izany hoe hitandrina ny fampianaran'i Kristy dia tsy inona fa NY FIFANKATIAVANA TAHAKA NY NITIAVANY ANTSIKA izay midika fahafoizana, fanompoana, fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, handresy ny risoriso, fampanjakana ny fihavanana araky ny hevitr’i Kristy izany hoe lavitra ny atero ka alao” fa fihavanana sady kristianina no malagasy. Tsy ho hisy intsony ny risoriso sy herisetra mitarika herisetra sy hery famoretana izay loharano manapotika ny fiaraha-monina. Enga anie ho EOV MISIONERA tokoa isika ka ho tabernakla velona zary "chapelle"n’ ny famindram-po izay manatanteraka ny irak'i Jesoa hoe: "Ataovy ho mpianatro ny olon-drehetra". Tsy misy avakavaka ny finoana fa natao ho an'ny olona rehetra. Tsy mizaha tavan’olona ny finoana an’i Kristy. Sambatra isika fa mahatsapa ho olo araiky ao amin'i Kristy.
Noho ny asan’ny Fanahy Masina dia miova ny fifandraisana rehetra na amin’ny zava-boary na eo anivon’ny Fiaraha-monina na eo anivon’ny tontolom-pinoana.
Ahoana àry no anatanterahana an'izany satria sarotra ny fiainana sy ny fijoroana ho vavolombelona ? Mety mitondra amin'ny fahafoizan’aina aza "Indro aho eo aminareo mandrakariva mandrampahatongan’ny faran'izao tontolo izao", hoy i Kristy nanambara tamin'ireo Apôstôly sy tamintsika koa. Aza matahotra isika, aza mavozo isika fa miaraka amintsika mandrakariva i Kristy, Izy izay nandresy ny fahafatesana, nandresy ny ratsy, izany hoe narodany ilay rindrina miteraka fizarazarana.
Zary Olo Araiky tokoa isika ao amin’i Kristy. Eo anivontsika tokoa Izy ka afaka mandresy an'izany rehetra izany isika. Manamafy izany i Md Paoly : "Nahariharivy tao amin’i Kristy izany heriny izany, tamin’ny nananganany Azy ho velona, sy nametrahany Azy teo an-kavanany any an-danitra, ambony lavitra noho ny fiandrianana rehetra, ny fifehezana rehetra, ny fanjakana rehetra, ary ny anarana rehetra azo tononina, tsy amin’izao fiainana izao ihany, fa amin’ny fiainana ho avy koa, fa napetrany eo an-tongony ny zavatra rehetra, ary nataony filohany ambony indrindra Izy amin’ny Eglizy, izay tenany famenon’Izy mpameno tena an-davany sy an-tsakany amin’ny rantsam-batany rehetra."
Raha fintinina izany rehetra izany dia ao amin'i Kristy no fanantenantsika, izany ny vokatr'izao fankalazantsika izao hafaliana, finoana ary fanantenana. Mety matahotra isika miatrika ny zavatra sarotra tahaka izao krizy izao. Fantaro fa afaka mandresy miaraka Aminy tokoa isika. Matoky isika fa ho resy izao krizy izao satria mankahery antsika I Kristy tahaka ny nankaherezany ireo Apôstôly, tahaka an'i Lucien Botovasoa ka tena afaka mijoro ho vavolombelona isika.
Aoka isika hahay hanararaotra an'izao Sinaody izao handalina ny maha vita batemy ka irahina antsika. Ny tanjona dia ho i Jesoa mpiara-belona amin’ny olona isika, velona ny finoantsika ankehitriny ka enga anie mba hiroso bebe kokoa amin'ny lalindalina isika amin'ny fiainana ny finoantsika ka hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana

andavanandro ka isika izao no Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika, aoka àry ho entanin'ny FANAHY MASINA isika ka tena ho EOV tokoa.
Ry Jesoa Kristy zokinay ô, enga anie izahay ho feno hafaliana, ho feno fanantenana ka hiroso lalindalina kokoa amin'ny fiainana maha zanak'Andriamanitra anay avy amin'izao fankalazanay ny Fiakarana izao. Ianao zokinay anie hanampy anay mba ho velona tokoa eo anivonay ianao ary entanin'izany izahay ka mba hiaraka hiombona amin'ny asa fanitarana ny fanjakan'Andriamanitra araka ny fanirahana ataonao anay androany. Koa ny fiainanay anie mba ho fahazavana sy fanasina ho an'ireo manodidina anay, ary izahay mba ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA HIZARA NY FAMINDRAM-PON'ANDRIAMANITRA MANORINA ETA TRANOMBEN'ANDRIAMANITRA HAMPIVELATRA NY MAHAOLONA MANONTOLO SY OLON-DREHETRA FA INDRINDRA AMIN'IZAO IZAHAY MANANATANTERAKA NY SINAODY IZAO. Masina Maria Renin'ny Eglizy tsy nisaraka tamin'ny. Eglizy ianao fa niara-dalana taminy mandrakariva. Matoky anao izahay hitondra anay amin'i Jesoa. Miomana handray ny Fanahy Masina ny Eglizy ka enga anie izao fotoana fiomanana izao ho Senakla ho anay ka ianao hivavaka ho anay ka hahay handray ny Fanahy Mpanavao, Mpanamasina, Mpankahery. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany ianao mivavahà ho an'ny Eglizy mba ho feno ny Fanahy Masina miatrika ny krizy maro isan-karazany etrehiny.
Amen
Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson